

# Taratasy ho an'ny NOELY 2024

Prado



**IRAY MANDRAKARIVA AO AMIN'I KRISTY JESOA ISIKA**

# « TSY MANODOKA NY FANANTENANA »

Ho Antsika Rehetra,

Ny Misterin'ny Fahatongavana ho Nofo dia mampitodika sy mampahatsiahy antsika fa ny maha-Mpianatra sy ny maha-Apôstôlin'i Jesosy Kristy antsika dia ho an'ny mahantra indrindra. Izy izay mifototra amin' "*Andriamanitra Mpamonjy antsika sy Jesosy Kristy fanantenantsika*" ( 1 Tim 1, 1 ).

Ny Fahazavana entin'ny Noely dia miaraka mandrakariva amin'ny fiainana voasedra, fa saingy ao anatin'ny finoana no iainana Azy. ka noho izany "T*sy hisy na iza na iza hahasaraka antsika amin'ny Fitiavan'Andriamanitra izay naseho tao amin'i Kristy Jesoa.* " (Rm 8:39).

Mirary koa izahay raha mirary fa ity tenin'ny Fanantenana atolotra ho anareo tsirairay avy ity dia ho teny hatolotrareo ihany koa ho an'izay mifanena aminareo amin'izay alehanareo isan'andro sy izay mitady ny " F*anantenana marina.*" araka ny Taratasin'i Masindahy Paoly Apostoly ho an'ny Romanina (Rm 5:5).

Manasa antsika i ***Papa François*** hizotra amin'ny " *Làlan'ny Fanantenana* " mandritra ny Taon-jobily izay manomboka amin'izao NOELY izao. *Ahoana no ahafahantsika mamelona indray ny fanantenana izay ao amintsika sy ny fanantenan'ny olona? Inona no làlana tokony halehantsika mba hahitana indray ny fahasambaran'ireo izay mametraka ny fanantenany amin'ny Tompo?*

Amin'ity taona ity dia atokantsika manokana ny tenin'ny fanantenana ao amintsika ho an'ireo Rahalahintsika Pradozianina ao amin'ny Prado faritra antsinana iny, satria ny mponina ao amin'iny faritra iny sy ny Pastoraly ao aminy dia iharan'ny ady, ahiahy, ny herisetra amin'ny tsy an-drariny izay tsy manavaka intsony izay olom-pirenena mitam-piadiana ao.

Eto amin'ity tany ity, toy ny amin'ireo rehetra iharan'ny herisetra, dia tsapa fa ny maha izy ny tsirairay dia voafafa mihitsy. Very ny dikan'ny fiainana, izay Masina indrindra nomen'Ilay Nahary antsika. Tsy vitan'ny hoe miova ny fomba fijery ny fiainana, fa miova koa ny fahatakarana sy ny fahatahorana an' Andriamanitra. Tsy Andriamanitra intsony no fototry ijoroan'ny olona rehetra. Nalaina an-keriny ny momba Azy noho ny firehan-kevitry ny nasionalisma mesianika. Noho izany dia amin'ny anaran'Andriamanitra izay manana fahefana no hamarinina izay rehetra ataontsika, anisan'izany ny herisetra izay mamono ny ain'ny hafa ka mandà an'Andriamanitra mihitsy.

Aoka mety hotarihina amin'ny làlan'ny Fanantenana isika amin'ny alalan'ny fizorana amin'ny Finoana izay izoran'ireo Rahalahintsika Pradozianina momba ny zavatra iainany amin'izao andro izao, indrindra fa ny any Libana.

"Amin'ny maha- Olon'ny Fanantenana antsika, dia aoka isika hiara-mandeha amin'i Josefa sy Maria izay nandeha araka ny baikon'ny Amperora, fa miandry an'Ilay tsy fantany ny endriky ny fisiany. Aoka isika handeha amim-pifaliana, amim-kafanam-po, miaraka amin'ireo mpiandry ondry izay nihazakazaka nahita an'ilay Teny nambaran'ny Anjelin'ny Tompo taminy. Andeha àry isika hizotra

miaraka amin’ireo Majy, izay notarihin'ny kintana nefa koa miaraka amin'ny faniriana lalina amin’ny fo feno tebiteby sy ahiahy izay tsy mitony afa-tsy ao amin'Andriamanitra!

Raha vonona àry isika hanatanteraka izany dia izay misy faniriana tsy voatery hifanojo amin’ny marina eretseretintsika izany, io no hiteraka hafaliana sy fiadanana ho antsika; izay marihina fa tsy avy amin’izao tontolo izao, fa avy amin’Ilay manana anarana hoe: “*Fanahin’Andriamanitra*” na “ *Fofon’Ain’Andriamanitra.* ” Koa manasa antsika i Md Piera mba “*Ho vonona mandrakariva amin’ny fiarovan-tena amin’izay hatrehina, hamaly amin-kamoram-po sy fanajana amin’izay rehetra manontany anareo ny amin’ny Fanantenana izay ao anatinareo.* ‘’ (1 Pi 3, 15)

Raha iverenana ity Taratasin’I Md Piera ity (3:8-18), dia milaza fa mandray ny antso hahazahoana ny lova sy ny tsodrano isika. Koa aoka tsy ho very mihitsy isika, na dia ao anatin’ny toe-javatra faran’izay sarotra indrindra aza. Aoka isika hiaina izany lova sarobidy izany amin’izao androntsika izao, mba hanome vokatra amin’ny fiainana ka hahazahoantsika hery sy hampiely azy amin’ny manodidina antsika. *Marina fa miaina ao anatin’ny fahasahiranana tanteraka isika, nefa iza moa no miaina tsy misy fahasahiranana? Raha izany fijaliana izany no izoran’ny olon-drehetra; aoka àry isika hijaly amin'ny fanaovan-tsoa fa tsy amin'ny fanaovan-dratsy.*

Manasa antsika àry i Md Piera mba hiraiki-po amin’i Kristy, ka hamela toerana ho Azy ao am-pontsika. Avy aminy no andraisantsika ny fanantenantsika, satria na dia maty araka ny nofo aza Izy, dia velona noho ny herin’ny Fanahy. Ny fiainantsika ao amin’i Kristy, amin’ny alalany sy miaraka aminy no famantarana ny fanantenantsika. Amin’ny alalan’ny fiainantsika, fa tsy amin’ny alalan’ny tenintsika ihany, no ahafahantsika mitondra Fanantenana ho an’izao tontolo izao. Tsy ny herintsika na ny tenintsika no zava-dehibe indrindra, araka ny nambaran’i Mompera Chevrier amintsika, fa ny hatsaran-toetrantsika izay hanehoana ny endrik’ilay Teny tonga Nofo.

Any amin'ny kaontinanta samihafa dia mahita loza voajanahary na vokatry ny asan'ny olombelona isika... Hitantsika mivantana izany any Libana, maro ny olona mijaly, ary maro no tsy manana fanantenana intsony, fa ny Iraky ny Krismasy kosa dia manambara Fanantenana tsara ho an'ny olombelona rehetra!

Tsapa fa hita amin’ny famantarana azo tsapain-tànana izany Fanantenana izany, na dia tsy manana fahefana hampitsahatra ny loza avy hatrany aza izy ankehitriny; fa kosa mamafy ny Voan’ilay Fanjakana amin’ny olombelona sy amin’izao tontolo izao. Ireo famantarana ireo dia tonga voalohany amin’ireo tsy manan-kialofana, izay tsy mamela ny tenany ho resin'ny faharatsiana sy ny famoizam-po. Noho izany, manana fahasahiana hiady amin’ny fijaliana izy ireo amin’ireo manodidina azy. Ampahatsiahiviny antsika fa ny Fiangonana dia teraka tamin’ny ratran’i Jesoa Kristy teo amin’ny Hazofijaliana, izay nanolotra ny Ainy na Zanaka aza sy Rahalahy.

Afaka mamelona izany Fanantenana izany koa isika eo amin’ireo manana fangorahana, ireo izay maneho firaisan-kina amin’ny alalan’ny fihetsika kely na ireo izay manolotra ny hiara-miaina amin’ireo tra-boina, amin’ny alalan’ny fiatrehany ny loza, mba hanompoana ireo Rahalahy amin’ny maha-olombelona azy.

Ny Noely dia mampahatsiahy antsika fa ireo famantarana ireo dia tsy voafetra amin'ny maha olombelona, fa Andriamanitra mihitsy no miray hina amintsika ao amin'i Jesoa ary amin'ny alalany. Manitatra ny fangoraham-pony amin’izao tontolo izao Izy amin’ny alalan’ny olona mitondra ny famantaran’ny Fanantenana izay anehoana izany Fitiavana izany.

Ny fanaovantsika ny fivahiniana Masina mankany amin'ny Fanjakany ary ny fandehanana amin'izao androntsika izao sy ny rahampitso miaraka amin'ireo manodidina antsika : Rahavavy sy Rahalahy, dia mampiomana antsika hiaina ny Jobily ny Taona Masina 2025 ary koa ny Jobily Pradozianina amin'ny faharoanjato taonan'ny nahaterahan'i Antoine Chevrier : 2026 - 16 Aprily 2027.

Ny Fanahy Masina no hanome antsika ny fahasoavana hiainana ao anatin'ny fiombonana amin'ny karisma manokana izay niatomboka tamin'ny Olontsabatra Antoine, hanara-dia akaiky kokoa an'i Jesoa Kristy Tompontsika, ary mbola manohy mitondra izany ho an'ny olona eto amin'izao tontolo izao, manomboka amin'ny mahantra indrindra.

Enga anie ny Noely amin'ity taona ity hampitombo bebe kokoa ny fahalalantsika an'ilay Teny tonga Nofo, mba hiarahantsika miaina Aminy soa aman-tsara, hifikirantsika Aminy ka ho famantarana velona sy ho Sakramenta ho famonjena an'izao tontolo izao. "

**Lyon**, faha 08 / 12 / 2024




**Armando PASQUALOTTO** (Tale Jeneraly),
**Luc LALIRE** (mpanampy voalohany), **Sergio BRAGA DOS SANTOS NETO** (mpanampy faharoa)
ary **Youssef ASSAF** (Mpanolotsaina sady mpikambana ao amin'ny Prado d'Orient).

**Prado Jeneraly**
Fiombonanan'ny Pretra Pradozianina
13, rue Père Chevrier - 69007 LYON – France
Tél. : (+33) 04 78 72 70 66 - **www.leprado.org**